ANTOKO TIM 19 TAONA

Tombontsoan'ny vahoaka sy ny firenena hatrany no katsahany

3 jolay 2002 - 3 jolay 2021, nankalazaina ny sabotsy 3 jolay lasa teo ny faha-19 taona ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana dia ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Antoko mpanohitra mivondrona ao amin'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, na ny RMDM amin'izao fotoana, mandala ny foto-kevitra demokraty kristiana. Ny faran'ny herinandro teo io, nankalaza izay faha-19 taonany izay ny antoko Tim. Tamin' ny fomba tsotra sy mendrika no nanamarihana izany, notarihan'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana, niaraka tamin' ireo Olomboafidy, ny Birao Politika sy ireo mpiara-miasa. Mijoro hatrany ny antoko ho fikatsahana ny mahasoa ny vahoaka sy ny firenena.

Noho izay tsingerin-taona izay, nisy ny fanambarana nataon'ny filoha Ravalomanana:" misaotra an' Andriamanitra lehibe isika fa tontosa soa amantsara androany ny fankalazàna sy fisaorana an'Andriamanitra noho ny nahatratrarana ny faha-19 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara. Ny Antoko Tiako i Madagasikara dia tsy hijanona hatreo akory, ary efa manana ny traikefa rehetra ho entina amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Mankahery ireo mpikatroka sy mpiray antoko rehetra ny tenako. Samia ho tahian'Andriamanitra ».

Raha antoko tokana no resahana fa tsy vondrona antoko, ny antoko TIM no lehibe indrindra eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, faharoa ny TIM tamin'ny alalan'ny filoha Ravalomanana tamin'ny fifidianana filohampirenena farany teo, niaraha-nahalala ny hosoka

Ny Filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana.

tamin'izany fifidianana izany, mba tsy hilaza hoe : voalohany ny TIM tamin'iny fifidianana filohampirenena iny. Manana olom-boafidy maro manakaiky vahoaka koa izy: depiote miisa 15, be indrindra eny Tsimbazaza, ben'ny tanàna maro miparitaka manerana ny Nosy, mpanolotsainan'ny kaominina maro. Noho izany, antoko mbola vonona haka fahefana hatrany ity antoko ity, na ho ela na ho haingana.

Isambilo

Fiainan'antoko

Ny lalana nizoran'ny antoko TIM nandritra ny 19 taona

Feno 19 taona tamin'ny Sabotsy 03 Jolay 2021 ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM), satria ny 03 Jolay 2002 no nijoro arapanjakana ity antoko ity.

Rehefa nirotsaka ho fidiana Ben'ny Tanànan' Antananarivo Renivohitra ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny faramparan'ny taona 1999 dia nanangana ny Fikambanana Tiako Iarivo, voafidy ara-dalàna izy ary nahazo ny maro an'isa tao amin' ny Filankevitry ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ny Tiako Iarivo.

Nony nilatsaka ho Filohan'ny Repoblika ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny taona 2001, dia novaina ho Tiako i Madagasikara ny fikambanana Tiako Iarivo, ka ny 03 Jolay 2002 no nahazo ny fankatoavana ara-panjakana, efa Filohan'ny Repoblika ny Filoha Ravalomanana tamin'izany dia tsy afaka nanao filohan' antoko intsony, araka ny voalaza ao amin'ny lalampanorenana. Filoha mpiara-mitantana roalahy no nitondra dia Andriamatoa isany Rajemison Rakotomaharo sy Raharinaivo Andrianantoandro, taty aoriana dia Razoarimihaja Solofonantenaina no voafidy ho filoha ary nodimbiasan'i Yvan Randriasandratriniony.

Tamin'ny fotoanan'ny tetezamita tsy nahateto antoerana ny Filoha Ravalomanana dia nifandroritana ny anarana Tiako i Madagasikara, ny andaniny ireo nijanona niaraka tamin'ny vahoaka nitolona teny amin'i Magro nahitana an-dry Mamy Rakotoarivelo, Roland Ravatomanga, Hanitra Razafimanantsoa, Zafilahy Stanislas, sns… ary ny ankilany ireo nikisaka nanatona an-dRajoelina toa an'i Raharinaivo Andrianantoandro, Yves Aimé Rakotoarison, Hery Raharisaina, Vy Vato Rakotovao, sns... Taty aoriana dia ireo niaraka nitolona tamin'ny vahoaka no nahazo ny rariny, satria tsy nivadika tamin'ny filoha mpanorina ny antoko dia ny Filoha Ravalomanana izany. Razoarimihaja Solofonantenaina efa filoha no filoha ara-panjakana satria ny filoha farany Randriasandratriniony dia efa tsy teto an-toerana intsony. Tsy nisy ny fankalazana ny fahafolo taonan'ny antoko tamin'ny taona 2012 satria mbola tsy teto an-toerana ny Filoha mpanorina, nisy koa tetsy andaniny ny antoko Zanak'i Dada izay niaradalana teny ary samy nampiasaina ny anarana Tiako i Madagasikara sy ny Zanak'i Dada tamin'ny fifidianana solombavambahoaka tamin'ny taona 2013, satria samy nahazo ny tsodranon'ny Filoha Ravalomanana, fa ny anarana Tiako i Madagasikara no anarana nentin'ny Vondrona Parlemantera niara-dia tamin' ny Filoha Ravalomanana.

Ny volana Oktobra 2014 dia tafaverina an-tanindrazana ny Filoha Ravalomanana, nifoha tamin'ny torimasony ary nivoaka tamin'ny fahanginany ireo mpikambana maro voatery nipirimpirina noho ny tahotra sy ny fanahiana.

Ny anaran'ny Antoko Tiako i Madagasikara no nirotsahan'i Neny Lalao Ravalomanana ho Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, voafidy soa amantsara sady nahazo maro an'isa tao amin'ny filankevitry ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra ny antoko. Ny taona 2016 nandritra ny Kongresin'ny antoko dia ny Filoha Ravalomanana no nangatahan'ny mpivory rehetra ho filoha nitarika ny antoko, dia izy no Filoha hatramin'izao.

Maro ireo Sekretera Jeneraly nifandimby tao amin' ny Antoko Tiako i Madagasikara, nahitana an'i Jacques Sylla, nandritra ny fitondrana tetezamita dia i Mamy Rakotoarivelo, nony tonga ny Filoha Ravalomanana dia Olivier Donnat Andriamahefamparany no Sekretera Jeneraly, nisolo azy taty aoriana i Olga Ramalason ary ankehitriny dia Rina Randriamasinoro no Sekretera Jeneraly amperinasa.

Ny Volana Jolay 2017 dia nisy ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny Antoko Tiako i Madagasikara, tao amin'ny Carlton no natao ny lanonana ofisialy, nisy ny fikasana hanao hetsika goavana tao amin'ny Kianjaben'Imahamasina, saingy tsy tontosa satria nosakanan'ny fitondrana Rajaonarimampianina ny fankalazana.

Tamin'ny fifidianana filohampirenena 2018 dia tamin'ny anaran'ny Antoko Tiako i Madagasikara no nirotsahan'ny Filoha Ravalomanana, niaraha nahalala ny hosoka sy hala-bato araka ny nambaran'i Thierry Rakotonarivo, ary tamin'ny fifidianana solombavambahoaka farany teo dia ny Antoko Tiako i Madagasikara no antoko manana solombavambahoaka be indrindra. Tamin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy mpanolotsainan'ny Tanàna dia niaraha-nahita ny fandikan-dalàna niseho satria tokony ho ny lisi-pifidianana nampiasaina tamin'ny fifidianana depiote no nampiasaina tamin'ny fifidianana ben' ny Tanàna, saingy tsy voahaja izany.

Amin'ny taona 2022 dia ho feno 20 taona ny Antoko Tiako i Madagasikara, antoko matotra ny dikan'izany ary vonona hatrany handray sy haka fahefana amin'ny fotoana maha-mety azy. Ny tsy fahombiazan'ny mpitondra nangala-bato dia vao mainka mahatonga saina ireo vahoaka ka maro ireo nitodi-doha hanatevin-daharana indray ny antoko ary maro ihany koa ireo mpikambana vaovao resy lahatra rehefa nandinika ny raharahampirenena, fa ity antoko tarihan'ny Filoha Ravalomanana ity ihany no vahaolana ho an'ny firenena Malagasy.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Sekoly tsy miankina

Mahazo aina fa tsy tapaka ny handraisam-bola isam-bolana

Mety amin'ireo tomponandraikitry ny sekoly tsy miankina ny tetiandro taom-pianarana 2021-2022 naroson'ny fanjakana. Amin'izy ireo mantsy ny vola miditra avy amin'ny saram-pianarana aloan'ny ray aman-dreny sy ny saram-pisoratana anarana rehefa tsy misy fiatoany dia milamina sy mety aminy. Rehefa jerena ny zava-misy, mbola mandoa saram-pianarana ny ray aman-dreny amin'ity volana jolay ity, satria amin'ny faran'ny volana vao mifarana ny fampianarana ataony. Avy eo indray miatrika ny saram-pisoratana anarana sy mandoa izany, miaraka amin'izay ny pitsompitsony takian'ireo sekoly ireo ny ray aman-dreny ny volana aogositra. Anisan'izany, ohatra, ny fanamiana (tenue) iraisana tsy maintsy vidiana. Miditra avy hatrany indray amin'ny fiatrehana ny taom-pianarana vaovao indray aorian'izany ny ray aman-dreny, ka mandoa ny saram-pianarana volana septambra. Tsy misy tany iainan'ny ray aman-dreny fa tsy maintsy mamatsy vola ny sekoly ianaran-janany. Hitohy tsy hisy fitsaharany hatrany amin'ny volana jona amin'ny taona 2022 izany. Fahasahiranana ho an'ireo ray aman-dreny mampiana-janaka io, fa mety amin'ireo tomponandraikitry ny sekoly tsy miankina. Ireo izay mihevitra ho fitadiavam-bola ny sekoly fa tsy ho amin'ny fanabeazana ny zaza Malagasy sy fanondrotana azy ireo, dia tena milamina ny fiainan-tsekoly amin'ity.

Nanome toky ireo tomponandraikitry ny sekoly tsy miankina ireo, na ny an'ny fanjakana ihanykoa, tamin'ny fiandohan'ny taom-pianarana madiva hifarana ity, fa hiezaka izy ireo hanarina ny lentam-pahaizan'ny mpianatra izay voatohintohina vokatry ny fahatapahan'ny fianarana tamin'ny taondasa. Iza amin'ireo sekoly ireo àry no sahy hijoro, fa tratran'izy ireo ny tanjona amin'izany, ary feno ny banga tamin'ny fahaizan'ny mpianatra? Hatreto aloha ny zava-misy sy heno dia sahirana ireo mpianatra, ary misy fihenan-danja ny fahaizany, raha raisina amin'ny trangan'ireo mpianatra madinika hiatrika ny fanadinam-panjakana Cepe amin'ity andro talata ity. Mirary soa ireo mpianatra ihany na dia izany aza ho tafita amin'izany.

Radafy

TONONKALO

Ry komity fampihavanana

Ry komity fampihavanana, aiza ho aiza no tsy re,
Kanefa anisan`ireo rafitra nandaniana volabe ?
Sa dia andrasana hipoaka irony saron`ny vilany,
Vao hipoitra indray `nareo , dia toy izany hatrany hatrany ?

Ry komity fampihavanana, manan-toeram-boninahitra,
Sao `nareo ilay hoe angady tsy dia mahatapaka ahitra ?
Fa natao ho ravadravaka , sy ho haingo ery ambony,
Ka namboarin`ny mpitondra mba hanao ny sitrapony ?

Raha tsy izay dia mijoroa ka aoka tsy hitazantazana.
Aza andrasana ho rendrika ito nosy tanindrazana.
E ! mitohy ny fifandirana eto Madagasikara,
Ka `nareo no antenaina , mihetseha fa sao dia tara .

Tena mila fampihavanana ny Malagasy manontolo.
Ny mpitondra , ny mpanohitra , mila etsehina daholo.
Ry komity o ! ianareo no hany sisa antenaina.
Izay nataonareo hatreto , aoka tsy ho very maina !

Aza dia mipetra-potsiny , falifaly ny hitavana.
Vita ve ny andraikitrao ry notendrena ho mpampihavana ?
E ! jereo ity firenena , mbola misy ny azo atao.
Ry komity , mijoroa fa mbola manantena anao !

…Fa sambatra ny mpampihavana hoy ny tenin`ny baiboly.
Mijoroa ka misehoa ho lavitry ny kolikoly.
`Ndeha jereo ny Malagasy trotraky ny hanoanana.
Mila vatsy , mila tohana , ary indrindra fampihavanana !

DADAN`i ZINA (04-07-21)